# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

<u>**Talata 21 jolay 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha**</u>

## I. FAMPITANA AM-BAVA

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

- Notapahina ny famerenana ny OTME (Office des Transmissions Militaires de l'Etat) hiasa indray, izay hiandraikitra manokana ny fikirakirana ireo "caméras" efa misy sy ireo izay mbola hapetraka eran'ny tanàna, ho fiantohana sy fanamafisana ny fandriam-pahalemana manoloana ireo tranga fakana olona an-keriny.

**MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny disadisa momba ny tany mikasika ireo tanin'ny orinasa ao Mampikony sy Port-Bergé – Cotona Real Estate (CRE).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana lalana hirosoana amin'ny fanatanterahana ny fandaniana mifandraika amin'ny asa fanarenana ny Biraon'ny Kaominina R+1 ao Ambohimandry, distrikan'Arivonimamo.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny Hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana (IRM) amin'ny fividianana sy fametrahana ny rafitra famoahana lazavidy elekitrônika (EBM) ataon'ny mpanome tolotra tsy monina eto, QT Global Software Ltd, ao anatin'ny fiaraha-miasa Atsimo-Atsimo Madagasikara-Rwanda.

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Nankatoavina ny fampitana iraisana mifandraika amin'ny fidiran'i Madagasikara ho mpikambana ao amin'ny Federasionina Afrikanina Mahefa amin'ny Fandrindrana ny Fampianarana (AFTRA).

**MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanaparitahana ireo mpiasan'ny Minisiteran'ny Fampianarana ara-Tekinika sy ny Fanofanana araka asa.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fikarakarana ny fijerena ny zava-misy (états généraux) ho an'ny fanavaozana ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana araka asa eto Madagasikara (ETFP).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Minisiteran'ny Fampianarana Tekinika sy ny Fanofanana Araka asa anjara amin'ny fanatanterahana ny lalao ara-panatanjahantena an-tsekoly 2026.

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny jeritodika sy famaranana ny andiany faharoa (2025-2026) amin'ny fandaharanasa efa-taona hiadiana amin'ny valala mandritra ny fe-potoana 2024-2028.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny setrin'ny fanampiana malagasy avy amin'ny fandaharanasa miady amin'ny fikaohan-tany andiany faha-VI (PLAE VI).

**MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fandraisan'ny Fanjakana Malagasy an-tanana ny Haba amin'ny Tataom-bidy (TVA) mifandraika amin'ny fanatanterahana ny Tetikasa Fanohanana ny Fampandrosoana an'I Menabe sy Melaky – Dingana Faharoa (AD2M-II).

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY FAMPIVELARANA NY SEHATRA TSY MIANKINA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanokafana amin'ny fomba ôfisialy ny Fandaharam-potoam-piaraha-miasa ho an'ny Firenena eto Madagasikara 2026-2030.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fampahatsiahivana momba ny rafitra mifehy ireo fotodrafitrasa indostrialy.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fidiran'i Madagasikara amin'ny hetsika *Blue Planet Alliance*.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanomezana fahazoan-dalana hanafatra menaka ana milina (huile moteur) ho an'ny orinasa Global Motors & Rent Madagascar (GMM).

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanomezana fahazoan-dalana hanafatra menaka ana milina (huile moteur) ho an'ny orinasa Pro Pneu.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanao sonia fifanarahana amin'ny orinasa SECREN momba ny fananganana trano fitehirizana mirefy 280 m2 ao amin'ny tobim-pamokarana herinaratra ao Amporaha, Antsiranana.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana hanome baiko ny orinasa Jiro sy Rano Malagasy (JIRAMA) mba hanaovany fifanarahana hividianana ny herinaratra mihoatra ny ilainy ny mpamatsy herinaratra ny orinasa Ambatovy.

**MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana ny fampihenana ny fe-potoana famoahana ny Antso Misokatra ho an'ny Tolotra mikasika ny asa fananganana rafitra famatsian-drano fisotro madio miaraka amin'ny fananganana trano fidiovana, ao amin'ny Toby lehibe: Manolotrony, Distrikan'Ambalavao; Soatanana, Distrikan'Isandra; Farihimena, Distrikan'i Betafo ary Ankaramalaza, Distrikan'i Manakara; mizara sokajy efatra (4).

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana amin'ny fandraisan'ny delegasiônina malagasy anjara amin'ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika sy Amboaran'i Afrika eo amin'ny Taranja Tenisy Ambony Latabatra *(Tennis de Table)* ho an'ny Tanora latsaky ny 19 taona (U19) sy latsaka ny 15 taona (U15), izay hatao any Accra, Ghana, ny 20 hatramin'ny 29 jolay 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fahazoan-dalana sy fandraisan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola an-tanana ny fandaniana amin'ny fandraisana anjara amin'ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika sy Amboaran'i Afrika Taranja Judo ho an'ny Cadets sy Juniors 2026, izay hatao any Casablanca, Maraoka.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fandraisana andraikitra ara-bola ataon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola mikasika ny fandaniana natao tamin'ny lalao ara-pirahalahiana iraisam-pirenena nataon'ny ekipam-pirenena "BAREA A" Malagasy tany Antalya, Torkia, tamin'ny volana novambra 2025.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangatahana fankatoavana sy fanomezana famatsiam-bola ho an'ny fikarakarana ireo fandaharana sy hetsika entina manamarika ny Andro Iraisampirenena ho an'ny Tanora (JIJ) 2026 any Fianarantsoa.

## II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolaniana ny didim-panjakana anendrena an'**Atoa RAHARINOMENA Andriniaina Bretino,** ho Filohan'ny Filan-kevi-pitantanana ny Tahirimbola Faratampony Malagasy na *FSM.*

### PRIMATIORA

- Nolaniana ny didim-panjakana manangana ny "Task Force" iadiana amin'ny fakana olona an-keriny.
- Nolaniana ny didim-panjakana manangana ny "Task Force" mikasika ny fisolokiana amin'ny tambajotran-tserasera (scamming).

### MINISITERAN'NY FAMPIANARANA AMBARATONGA AMBONY SY NY FIKAROHANA ARA-TSIANSA

- Nolaniana ny didim-panjakana momba ny sata mifehy ny *Foyers Universitaires* Malagasy any Frantsa.

### MINISITERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY

- Nolaniana ny didim-panjakana anekena ny fankatoavana ny Fifanaraham-pizaràna ny Vokatra vita sonia ny 27 jona 2026 ho an'ny Fitiliana sy ny Fitrandrahana Akoranafo ao anatin'ny Faritra Ifanarahana Mahaboboka (Faritra 12244_3, 12243_6, 12244_5, 12344_1).
- Nolaniana ny didim-panjakana anomezana ny OMNIS Titra Fitiliana Akoranafo *(Titre Minier d'Exploration d'Hydrocarbures)* mikasika ny Faritra Ifanarahana Mahaboboka (Faritra 12244_3, 12243_6, 12244_5, 12344_1).

### MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Nolaniana ny volavolan-dalàna momba ny fifandraisana elekitrônika sy ny fotodrafitrasa nomerika.

**MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISANKINA**

- Nolaniana ny didim-panjakana ankatoavana ny Politika Nasionaly momba ny Fitovian-jo eo amin'ny Vehivavy sy ny Lehilahy eto Madagasikara 2026-2035.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**PRIMATIORA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa FALINIAINA RABEVOHITRA Bako Nirina**, ho Sekretera Mpanatanteraka Lefitry ny *Cellule de Prévention et d'Appui à la Gestion des Urgences (CPGU).*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMIARINOSY Mbolatiana**, ho Talen'ny Fanamafisana ny Fahafaha-miatrika ara-Bola sy ara-Toetrandro eo anivon'ny *Cellule de Prévention et d'Appui à la Gestion des Urgences (CPGU).*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMANALINA Julot Herman**, ho Talen'ny Fandrindrana Stratejika eo anivon'ny *Cellule de Prévention et d'Appui à la Gestion des Urgences (CPGU).*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOSEHENO Elisaha Andrianasolo**, ho Talen'ny Fampiroboroboana ny Fahafaha-miatrika eo anivon'ny *Cellule de Prévention et d'Appui à la Gestion des Urgences (CPGU).*

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Kôlônely RAMANAMPAMONJY Bernard Rodin**, ho Talen'ny Tahirin-kevitra sy ny Fitsipika eo anivon'ny *Cellule de Prévention et d'Appui à la Gestion des Urgences (CPGU).*

**MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-1193 tamin'ny 5 mey 2026 ary anendrena an'**Andriamatoa RAFIDISON Fidèle**, ho Talen'ny Lojistika sy ny fananana eo anivon'ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RADO Milijaona**, ho Sekretera Maharitra ho an'ny fanatanterahana ny Paikadim-pirenena momba ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Fampandrosoana Ifotony *(Plan National de Décentralisation et de Développement Local – PNDDL).*

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2026-674 tamin'ny 03 martsa 2026 ary manendry an-d**Ramatoa BOTOTSAKO Vonjy Manantenasoa**, ho Lehiben'ny Distrika Tsihombe.

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Général de Division RALAIVAONARY Andrianoasy**, ho Tale Jeneralin'ny Sampan-draraham-panjakana miandraikitra ny Fanamboarana sy Fampiroboroboana ny Trano Fonenana (*Agence Nationale d'Appui au Logement et à l'Habitat -ANALOGH)* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Raharahan-tany.

**MINISTERAN'NY FIOMPIANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa LEZOMA Tsiry Andriamahatola**, ho Tale Jeneralin'ny Tahirim-bola ho an'ny Fiompiana eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

**MINISITERAN'NY JONO SY NY TOEKARENA MANGA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1011 tamin'ny 29 septambra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa MIARETSOA Longondraza**, ho Talen'ny Jono eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-1058 tamin'ny 6 oktobra 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMANDIMBY Niriko Victorien Henri**, ho Talen'ny *Unité de Coordination des Organismes Rattachés et des Projets (UCORP)* eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-119 tamin'ny 21 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIANARISON Odilon Juvence Fernandio**, ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga Analamanga eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-084 tamin'ny 12 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMANANKERY Stephani Fernand**, ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Bongolava eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-087 tamin'ny 12 janoary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa RANAJASON Emilien**, ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Diana eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2022-258 tamin'ny 23 febroary 2022 ary manendry an'**Andriamatoa MBELOMANANA Anasvaler**, ho Talem-paritry ny Jono sy ny Toekarena Manga ao Sava eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOHERILALAINA Antonny Christian**, ho Tale Mpanatanteraky ny mana-mahefa misahana ny fahasalamana momba ny Otrikarena anaty rano (ASH) eo anivon'ny Minisiteran'ny Jono sy ny Toekarena Manga.

***Antananarivo, 21 jolay 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***